


ALAHADY FAHA 24 MANDAVANTAONA - A



IZAY MAMELA NO HAVELA

Ry Kristianina havana, rahampitso no mankalaza ny FANANDRATANA NY HAZOFIJALIANA isika, izany hoe ny loharano sy fototry ny fifamelan-keloka sy ny famindram-po. Mbola hiverenantsika bebe kokoa ny mikasika an'izay fa mino aho fa tadin-tsika tsara ny fampianaran'i Papa François ilay Mpamafy fiadanana sy fanantenana. Matetika izy no mamerina hoe "raha maniry fandriam-pahalemana sy fiadanana isika dia aoka hamboly fifamelan-keloka ary famindram-po". Mino aho fa mbola mahatsiaro ny fandalovan'i Papa isika. Iray taona izay no tonga teto amintsika izy namafy fanantenana sy fiadanana teto amintsika izy. Indrisy tsy afaka nigoka sy nandalina ireo fampianarana maro navelany isika satria tonga ity KORONTANAVIRUS ity. Izao misy ny fotoana raha ny marina nametrahantsika ireo vokatry ny fankalazana ny jobilin'ny FET sy Kongresy eokaristika. Matoky isika fa hisy ny fankalazana ary izay fihibohana izay nanampy antsika hanana ainga vaovao.

Ao anatin'ny fihibohana ireo pretrantsika. Izany no manamporofo fa tsy heo zava-dratsy ity cofinement ity. Efa nisy teo anivon'ny Eglisy hatramin'ny voalohany ity fihibohana ity. Samy mahafantatra isika ny fisian'ireo monastera. Sambatra isika eto amin'ny diosezy manana ny monastery eny amin'i Joffreville. Tsy mitsahatra ireo Masera Benedictines mivavaka ho antsika.

Vakiteny I : Sir. (Ekl.) 27, 30 - 28, 7
Tononkira : Salamo 102
Vakiteny II : Rôm, 14, 7-9
Evanjely : Mt. 18, 21-35

Aoka isika hivavaka ho azy ireo ary indrindra aza misalasala manokana fotoana manao recollection na laretirety. Manantena isika fa tena ho SENAKLA tokoa izao cofinement ataon'ireo Pretrantsika izao ka hitondra amin'ny Pantekôty vaovao. Enga anie ny Fanahy Masina hanapotika ity KORONTANAVIRUS ity ka tena départ

vaovao no taompikatrahoana atombotsika.

Raha ny foto-kevitra amin'izao alahady faha-24 mandavan-taona dia manosika antsika tokoa handalina mikasika ny fifamelan-keloka sy ny famindram-po. Toetra fototra mampiseho ny maha EOV MISIONERA izy ireo ary mahatonga antsika ho TABERNAKLA VELONA tokoa. Inona marina moa no entina eo anivon'ny mpiara-belona : famelan-keloka ary famindram-po ary io no ambaran'ny tabernakla izany hoe ilay toerana misy an'i Jesoa Jesoa Mpamela heloka.

Ry Kristianana havana toeatra takin'ny maha Mpanaradia an'i Kristy io voalazantsika io. Manambara fa nifanojo an'i Kristy ka niova ary afaka ampiova ny hafa. Navela heloka tokoa ka afaka mamela ny hafa. Io tokoa ilay lazaintsika matetika fa tsy mifanaraka amin'ny fomba fijerin'izao tontolo izao. Ny lojikan'izao tontolo izao dia ny valifaty, ny herisetra, nify efa-nify sns... Mifanohitra amin'izany tanteraka ny fampianaran'i Jesoa. Io anefa ny mampiseho ny mahaolona araka ny naharian'Andriamanitra antsika. Io no mitondra amin'ny fivelarana marina. Tsara koa ny mahafantatra fa tsy hoe nampianaran'i Kristy ka takiny ho toetry ny mpanara-dia azy ireo fa toeatra niainany ary azo lazaina fa toeatra hahafahantsika mampijoro, manorina ny fanjakan'Andriamanitra izany hoe manorina ETA Eglisy tranomben'Andriamanitra izay fantsika fa potika amin'izao fotoana izao noho io lojikan'izao tontolo izao io. Ny fanitarana ny fanjakan'Andriamanitra dia fanorenana Eglisy olona mifototra amin'ny fianakaviana Eglisy kely ka io no manorina ny eglisy fiombonana izay zary Eglisy fototra ka zary lasa Eglisy iraka ary mitondra ny Vaovao Mahafaly eran'izao tontolo izao. ANTSO HO ANTSIKA IZANY NY MAHA EOV MISIONERA ANTSIKA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Ny EOV misionera tsy hoe mampandry tany fa mitondra famelan-keloka sy famindram-po

Io no foto-pampianarana tian'ny Eglisy ho tsapantsika sy hivelomantsika fa indrindra ao anatin'izao KORONTANAVIRUS izao. Io ny Pantekoty vaovao andrasantsika. Tsy fihavaozana fotsiny no andratsantsika fa tena "départ" vaovao . Départ vaovao tokoa no andrasana amintsika hahatonga antsika ho taranaka mpanorina tokoa fa tsy ho taranaka mpandrava intsony sanatria. Noho isika mahay mifamela heloka sy mahay mizara famindram-po dia zary tabernakla velona tokoa isika. Tanteraka amintsika ny hafatr'i Jesoa amin'i Piera. Tsy misy fetra ny fifamelana fa vokatry ny fitiavana izay hitantsika mibaribary ao amin'ny hazofijaliana sy amin'ny fon'i Jesoa nolefonina :

"Nanatona an'i Jesoa i Piera nanao hoe: Tompoko, raha diso impiry amiko moa ny namako no tokony hamela azy aho? Hatramin'ny impito va? Dia hoy i Jesoa taminy: Izaho tsy milaza aminao hoe hatramin'ny impito, fa hatramin'ny impitopolo fito."

Ny fifamelan-keloka dia tsy impito fotsiny fa tsy misy fetra, izany ny fitiavan'Andriamanitra, izany i Kristy izay mamela antsika isanandro, mpanota isika nefo avelany heloka mandrakariva raha miaiky heloka. Ny fanoharana nataon'i Jesoa dia mampibaribary tokoa ny toetrantsika andavanandro, io no toeatra mahatonga antsika ho taranaka mpanapotika, mpandrava, mamono satria na dia voavela heloka aza isika dia tsy mahay mamela tahaka ny voalaza ao amin'ny Evanjely anio : *Ary noho izy tsy nanan-kaloa, dia nasain'ny tompony namidy izy sy ny vadiny aman-janany, mbamin'ny fananany rehetra, mba hanefana ny trosa. Dia niankohoka ilay mpanompo, ka nifona taminy nanao hoe: "Mba omeo andro aho, dia haloako daholo ny anao rehetra." Nangoraka ny fon'ilay tompon'izany mpanompo izany, ka sady nandefa azy handeha no namoy ny trosa taminy. Fa raha vao nivoaka ilay mpanompo, dia tojo ity mpanompo namany anankiray izay ananany denie zato; noraisiny tamin'ny tendany ilay io ka nokendainy nataony hoe: "Aloavy ny trosako any aminao!" Niankohoka ilay namany, dia nifona taminy nanao hoe: "Mba omeo andro aho, dia haloako ny anao rehetra." Nefo tsy nety izy, fa lasa nampanao azy an-tranomaizina, ambara-pandoany ny troso. Nalahelo loatra ny mpanompo sasany nony nahita izany, ka lasa nilaza izany rehetra izany tamin'ny tompony. Dia nampanalain'ny tompony izy ka nilazany hoe: "Ry mpanompo ratsy fanahy, efa nafoiko avokoa ny trosako rehetra taminao, noho ianao nifona tamiko; ka moa tsy tokony hamindra fo amin'ny*

namanao va ianao tahaka ny namindrako fo taminao?" Dia tezitra ny tompony, ka natolony ny mpampijaly izy, ambarapandoany ny trosa rehetra.

Izany no toetrantsika, ny valifaty, ny lolom-po, io no manimba ny fifandraisantsika na eo anivon'ny fianakaviana, na eo anivon'ny mpivady, ny lolom-po sy ny valifaty no mameno ny fontsika. Indrisy ity KORONTANAVIRUS ity dia nampibaribary io toetrantsika io. Izany no mahatonga ahy manentnana antsika EOV MISIONERA hoe tsy fiovana fotsiny no andrasana amintsika fa tena DEPART VAOVAO. Ao amin'ny fontsika no tsy maintsy manomboka izany départ vaovao izany. Azo lazaina fa ny fifamelan-keloka ao antin'ny fahamarinana sy ny fifanajana no dingana voalohany manambara izay départ vaovao izay. Io fifamelan-keloka ao anatin'ny fahamarinana io no hanorenantsika fifandraisana vaovao : fifandraisana vaovao amin'ny zavaboary ka tsy hanapotika intsony isika fa hikolokolo, fifandraisana vaovao mirindra koa eo anivon'ny fiaraha-monina ka samy miezaka hampanjaka ny rariny sy hitsiny, hifanasoa sy hifampitsimbina. Io no lalana mitondra antsika amin'ny fivelarana ny maha-olona sy mahaolona manontolo. Raha mirindra ao anatin'ny fihavanana marina araka ny fampianaran'i Jesoa ny fiaraha-monina dia miroso amin'ny tontolom-pinoana iderantsika sy ankalazantsika an'Andriamanitra.

Ambaran'ny Tenin'Andriamanitra indrindra ny Evanjely fa ny loharano mahatonga korontana sy herisetra eo amin'ny fiainantsika dia tsy aiza fa ny fontsika. Manjaka loatra ny lainga sy ny fitapitaka ao am-pontsika ka ny fihatsaram-belatsihy no mandrafitra ny fifandraisantsika. Henontsika ny vokatr'izany tao amin'ny fanoharana ao amin'ny Evanjely. Henontsika tamin'ny Evanjely teo ny toetr'ilay mpanompo ratsy fanahy. Raha tsy miova isika dia io ny fontsika ary indrisy raha tsy mibebaka isika dia miharatsy isika ary mifanapotika.

Raha tiantsika hilamina sy hirindra ny fiainantsika andavanandro miainga amin'ny fianakaviana ka mandeha eo amin'ny fiaraha-monintsika dia aoka ajorontsika ny tontolon'ny fahamarinana, aoka ho volena ny tontolon'ny fifamelan-keloka, aoka ho tontolon'ny fahaizana mifanaja ka ho tanteraka ny nofinofintsika izay averimberina amintsika matetika dia ny fampihavanana, raha mibebaka ao anatin'ny fahamarinana isika ka mifamela heloka tokoa dia miova ny fontsika.

Ambaran'i Jesoa amin'ny fiainany fa io no lalana ankanesantsika amin'ny tena fampijoroana ny fiainantsika feno fiadanana. Mitaky fanetren-tena sy fahatsorana izany halemem-panahy,

Ry Kristianina havana amin'izao fiezahantsika mba ho Kristy mpiara-belona amin'olona mba ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA izao dia irahina isika hitondra ny fahazavan'i Kristy. Irahina isika hampitatra ny fanjakan'Andriamanitra. Aoka isika ry Kristianina havana hanaiky hoentanin'ny Fanahy Masina ka ho PANTEKOTY VAOVAO tokoa izao après KORONTANAVIRUS. Noho ny asan'ny fahasoavan'Andriamanitra dia samy hiova isika ary indrindra hifanojo amin'I Jesoa ka hiova tokoa ary afaka hampiova ny hafa. Izany hoe samy hahay hifamela heloka araky ny voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa izay mananatra antsika mba hanana ny toe-panahy feno fahamarinana tokoa. Hampijoro antsika eo amin'ny fiainantsika andavanandro fa i Kristy no lalam-pamonjena ho antsika ka hahatonga an'ireo manodidina antsika hahalala bebe kokoa fa i Kristy no lalana sy fahamarinana ary fiainana. Raha velona isika dia aoka ho velona ho an'i Kristy, raha maty dia ao amin'i Kristy, izay midika fialana amin'ny lolom-po, fialana

amin'ny valifaty fa fiorenana amin'ny toetran'i Kristy izay namela ireo namono azy teo amin'ny hazo fijaliana, tsy iza fa isika ihany no namono azy amin'ny fahotana.

Ry Jesoa Kristy ô, Ianao tsy manao kobaka am-bava tokoa ary izay ampianarinao dia iainanao koa ampianaro izahay araky ny hafatrao tamin'i Piera izay nanontany hoe : ahoana ny momba ny famelan-keloka, nolazainao fa tsy misy fetra ny famelan-keloka ary amin'ny alalan'izany ihany no hahafahana manorina fiaraha-monina vaovao anjakan'ny rariny sy ny fifankatiavana ao anatin'ny fihavanana marina ka enga anie ho tanteraka aminay tokoa izany. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson